

20 Desambra 2017. Razanadrakoto Roland Albert, Filoha Tale Jeneralin'ny INSPNMAD, notolorana ny mari-boninahitra "Chevalier de l'Ordre national Malagasy"

Mankalazana ny faha-10 taonan’ny sehatra fampianarana ny paramedicaly ny INSPNMAD (*Institut des Paramédicaux Novateurs de Madagascar)*
, ary ny faha-5 taonan’ny Master politeknika sy ny Master paramedikaly.




Ny 20 Desambra 2017 no nanomboka ny fankalazana. Ny INSPNMAD dia anisan’ireo sekoly lehibe indrindra eto Madagasikara raha ny sehatra ny Paramedikaly no resahina. Maro ny mpianatra no efa tafita amin’ny sehatra ambony nivoaka tamin’ity sekoly ity hatrany ivelany. Teo koa ny eto an-toerana izay miely eran’ny Nosy, indrindra moa fa eran’ireo Distrika miisa 100 mahery.



**ILAINA NY FIKIRIZANA VAO TAFARINA**

*"Làlana sarotra ary tsy mora no nodiavina"*, hoy indrindra Andriamatoa Razanadrakoto Roland Albert, Filoha tale jeneralin'ny INSPNMAD. Olana anisan'ny nosedraina ny fomba fahazoana taratasy ara-dalàna avy amin'ny fanjakana. Isaky ny misy fiovana governemanta dia saika miova foana ny anaran'ny ministera miandraikitra azy io, ary dia miezaka ny sekoly manaovao foana ny antonta-taratasy ao aminy.




Eo amin'ny lafiny fitaovana dia noezahina ny fanarahana ny fitaovana hifanaraka amin'ny toe-andro, ary ny fametrahana ireo tanora ho mendrika rehefa mivoaka ao amin'ny sekoly. Voizina amin'izany ny fahaizana amam-pahalalàna ary amin'ny maha tomponandraikitra ilay mpianatra rehefa mivoaka ao.




**20 Desambra 2017. Razanadrakoto Roland Albert, Filoha Tale Jeneralin'ny INSPNMAD, notolorana ny mari-boninahitra "Chevalier de l'Ordre national Malagasy"**

Anisan'ny tsangam-bato lehibe hiorina amin'ny taona ho avy ny fisian'ny Oniversite ho an'ny INSPNMAD, araka ny fanazavana nomen'ny Filoha Tale Jeneraly izay notolorana ny

mari-boninahitra Chevalier de l’Ordre national io 20 Desambra io noho ezaka vitany teo amin’ny lafin’ny fanabeazana.

Tonga nisolotenan’ny Filoham-pirenena nanolotra izany teny Alakamisy ny Lehiben’ny Distrikan’Ambohidratrimo, Andriamatoa Andriamboavonjy Tahiry, notronin’ireo mpampianatra eo anivon’ny INSPNMAD sy ireo mpianatra rehetra ao.




**RAKOTONIRAINY Andry**